PAOMADY AHOSOTRA EO AMIN'NY FOITRA AORIAN'NY FANAPAHANA NY TADIM-POITRAN'NY ZAZA VAO TERAKA MBA TSY HIDIRAN'NY OTRIKARETINA.

AroFoitra®

[Natao ho an'ny zaza vao teraka. Ahitana AroFoitra® avokoa eny amin'ny Tobimpahasalamana sy eny amin'ny mpanentana ara-pahasalamana.]



Ahosotra ity paomady AroFoitra® *ity mba hiarovana ny tadim-poitran'ny zaza vao teraka amin'ny otrikaretina.*

Alohan'ny hanosorana ny paomady AroFoitra®, dia tokony hanasa tanana tsara amin'ny rano madio sy savony, ilay olona hanao izany.



Hosorana avy hatrany ny paomady AroFoitra® raha vao tapaka ny tadim-poitra.

Hosorana eo amin'ny faritra vao avy notapahina sy eo am-pototry ny tadim-poitra ny paomady.

Azo hosorana paomady moramora, amin'ny rantsa-tanana madio, ny faritra manodidina ny foitra.



Tsy fonosina ny foitra avy nosorana paomady AroFoitra®, ary tandremana mba hadio sy ho maina lalandava.

Ny Chlorhexidine Working Group (CWG) dia fiaraha-miasan'ny fikambanana iraisam-pirenena sy ny mpiombon'antoka nasionaly, izay vonona hampahafantatra ny fampiasana ny digluconate de chlorhexidine 7,1% (manome chlorhexidine mihoatra ny 4%), mba ho fiarovana ny tadimpoitra amin'ny alalan'ny fandresen-dahatra sy fanohanana ara-teknika. Raha te hahalala misimisy kokoa dia tsidiho ny http://www.healthynewbornnetwork.org/topic/chlorhexidine-umbilical-cord-care